



**Ny 5 jona 2023 dia neken'ny Papa François ny fametraham-pialan'i Monseigneur Odon Marie Arsène Razanakolona amin'ny fitantanana pastoraly ny Arsidiosezin'Antananarivo**.

Niaraka tamin'izany dia notendreny ho Arsevekan'Antananarivo i Monseigneur Jean de Dieu Raoelison, evekan'Ambatondrazaka hatramin'io daty nanendrena azy io.

Monseigneur Jean de Dieu Raoelison dia teraka tao Arivonimamo, ny 31 jolay 1963.

Ny 7 septambra 1996 izy no nohamasinina ho pretra

Ny 25 marsa 2010 izy no voatendry ho eveka mpanampy ho an'ny Diosezin'Antananarivo ary nohamasinina ho eveka, teo amin'ny Kianja malalaky ny Kolejy Masina Misely Amparibe, ny 13 jona 2010

Voatendry ho evekan'Ambatondrazaka izy ny 11 aprily 2015

**Ny fiofanana narahiny**

Nanao ny fianarana fanabeazana fototra tao amina Sekoly Katolika iray, talohan'ny nidirany tao amin'ny Seminera Zandriny ao Ambohipo (1981-1986).


Ny taona 1987 - 1988, stage tao amin'ny Distrika misioneran'Ambohitsoabe

Ny taona 1988 hatramin'ny 1991, nianatra ny Filozofia tao amin'ny Seminera Zokiny rezionaly tao Antsirabe

Ny taona 1993 hatramin'ny 1996, Nianatra ny Teolojia tao amin'ny Seminera Zokiny ao Ambatoroka Antananarivo

Nahazo ny mari-pahaizana Licence momba ny Teolojia tao amin'ny Institut Catholique de Madagascar (ICM, UCM ankehitriny), tamin'ny taona 1998

Ny taona 2004 hatramin'ny 2008 : Nanohy fianarana tany amin'ny Faculté théologique de Lugano (Suisse), nahazo ny Doctorat en Théologie dogmatique



Mgr Jean de Dieu
RAOELISON

**Ireto avy ny toerana nanirahana azy tao aorian'ny nanamasinana azy ho pretra** :

1996 - 1998 : vikera tao amin'ny Paroasin' Ilanivato

1998 - 2000 : curé tao amin’ny Distrikan’i Fenoarivo

2000 - 2003 : Mpanabe tao amin’ny Seminera Zokiny Manantenasoa Antsirabe

2003 - 2004 : pretra "Fidei Donum " tao amin’ny Paroasin’i Lamoli-Urbino (Italie)

2008 - 2009 : Nampianatra ny Teolojia tao amin’ny Seminera Zokiny ho an’ny Teolojia ao Faliarivo sady secrétaire de coordination-n’ny Fivondronamben’ny Eveka eto Madagasikara ary talen’ny Famoahana ny Gazety Lakroan’i Madagasikara

2010 – 2015 : Eveka mpanampy tao amin’ny Diosezin’Antananarivo

2015 hatramin’izao nanendrena azy izao : Evekan’ny Diosezin’ Ambatondrazaka